



I KRISTY NO ZANAK'ANDRIAMANITRA VELONA

Ry Kristianina havamalala, miombona amin'ny diosezin'Ambohazo isika anio amin'ny fanamasinana an'i Mgr Donatien Randriamalala ho Evekan'ny diosezy. Mahavariana fa ny tenin'Andriamanitra androany miresaka mikasika ny vokasiona. Entintsika am-bavaka i Mgr sy ny diosezy mba ho feno ny Fanahy Masina ka ho tahaka an'i Joany Batista hitarika ny olona hihaona amin'i Jesoa.

Tamin'ny alahady lasa teo isika nankalaza ny batemin'i Jesoa izay nampahatsiaro ny batemintsika : vita batemy ka irahina, izay koa no mampiditra antsika amin'ny vanim-potoana mandavantaona mahatonga antsika hivelona ny batemy fa indrindra amin'izao FANANTANTERAHANTSINKA NY SINAODY TAPANY FAHAROA IZAO : FIANAKAVIANA EGLIZY KELY MIARO NY TONTOLO IAINANA.

Vakiteny I : Iz. 49, 3, 5-6
Tononkira : Sal. 39,
Vakiteny II : 1 Kôr. 1, 1-3
Evanjely : Jo. 1, 29-34

Araka ny averimberintsika io teny faneva io dia manambara fa tsy maintsy mivelona indray ilay vokasiontsika raha noharian'Andriamanitra isika ka napetrany tao amin'ny sahan'i Edena. Io sahan'Edena io dia tsy inona fa ity tany misy antsika ity ary io ilay lazain'i Papa François « Tranobe lombonana ». Ka raha milaza isika irahina « hiaro ny tontolo iainana» dia tsy inona

fa hanatanteraka indray ilay tenin'Andriamanitra : « hiambina, hikolokolo, hikarakara, hanjaka... » fa tsy hanjakazaka intsony.... Mila miova ny fifandraisantsika amin'ny zava-boary.

Mitaky finoana izay voalazantsika izay. Rehefa entanin'ny finoana isika dia handray azy, hamaly azy, rehefa mandray azy ka ho tahaka ny voalaza amin'ny tenin'Andriamanitra androany, i Md Joany Batista no manolotra sy manoro ireo mpianany sy ireo tonga teo aminy fa io Jesoa io izay midika mpamonjy, mesia, izy no zanak'Andriamanitra, indro ny zanak'ondrin'Andriamanitra izay manala ny fahotan'ny olona, izy ilay nantsoina Joany hoe : « *Izy no ilay nantsoiko hoe: Misy lehilahy avy ao aoriako, sy efa tonga eo alohako, satria talohako Izy. Ary izaho tsy nahalala Azy; fa mba hampisehoana Azy amin'i Israely no nahatongavako manao batemy amin'ny rano* ».

Izany hoe hitarika ny olona hanatona an'i Jesoa no nataon'i Joany Batista, izany ny atao hoe misionera ary i Jesoa no misionera voalohany hitarika antsika amin'Andriamanitra, sy amin'ny famindrampon'Andriamanitra, izany koa no nataon'i Md Joany eto. Nitarika ny olona izy hanatona an'i Jesoa, tsy nofeheziny ho azy ireo mpianany. Araka ny fantatsika dia izy no naniraka ny mpianany hanaraka an'i Jesoa, izany no atao hoe toe-panahy misionera. Tsy mpitarika ara-pirehan-kevitra ka mamoritra ny mpianany i Joany. Tsy mpitarika olona hanompo azy na hikarakara azy toa ireo lehibem-pivavahana sasany fa Mpaminany izany hoe olona mahafantatra ny sitrak'Andriamanitra ka mitarika ny olona hanatona an'Andriamanitra. Eto i Joany nitarika ny olona hanatona an'i Jesoa mba hahatonga ny olona handray an'i Jesoa, izany tokoa no maha misionera antsika, izany no ezaka ataontsika amin'izao Sinaody izao hahatonga antsika ho Eglisy Olo Velomin'ny Batemy, miombona, miara-dalana, mandray an-tanana ka zary Tabernakla velona...Mila Misionera izao androntsika isika. Misionera hanampy ny olona handray an'i Jesoa ka hitondra an'i Jesoa eo anivon'ny mpiara-belona ka raha mihaona amin'i Jesoa ireo mpiara-belona, dia hiova ka hampiova zavatra maro, hiova ny fifandraisana amin'ny zava-boaary, hiova hahatonga azy hivelona araka ny sitrak'Andriamanitra dia tsy inona fa isika hanao ny marina, hampanjaka ny rariny sy ny hitsiny, ka izany no lèlana hahatonga antsika amin'ny fiadanana sy fanantenana.

Ny misionera dia mpandrafitra fanantenana, satria maro ny kivy miatrika ny fiainana. Milaza miara-mahita isika fa potika ny zava-boahary, manjaka ny herisetra, manjaka ny halatra, ny fitapitaka, ny fifamonoana, potika ny mahaolona, tsy hita intsony ny soatoavina, torak'izany koa ny fifandraisana amin'Andriamanitra dia potika.

Matetika ny eveka raiamandreny mamerimberina amin'ny hafatra alefany hoe, maro ny olona mivavaka na marimarina kokoa maro ny olona mandeha an-deglizy am-piangonana, kanefa mipetraka ny fanontaniana ahoana marina ny fifandraisana amin'Andriamanitra ? satria raha mihaona marina amin'Andriamanitra ireo olona marobe ireo dia niova ary afaka nampiova ny manodidina azy ? Nefa indrisy toa tsy hita ny vokany ? Amin'ny maha misionera antsika, dia hiezaka isika hanampy ny olona hiombona amin'i Jesoa satria raha miorina amin'i Jesoa isika dia miova ny fiainantsika ary hampiova ny hafa, izany no atao hoe fibebahana.

Hanao ezaka manokana isika amin'izao Sinaody izao hibebaka ka hanova ny fifandraisana amin'ny zava-boary.

Io no andrasantsika sy antenaintsika amin'izao Sinaody izao mba hibebaka tokoa isika, izany no tian'i Joany Batista ambara, izay hitantsika hidinan'ny Fanahy masina, hoy izy no Jesoa, ary i Md Joany Batista noho izy nihaona tamin'i Jesoa , araka ny voalazan'i Md Joany Evangelista dia sahy milaza hoe : « nahita aho ka milaza marina fa izy no zanak'Andriamanitra », « *Ary nilaza marina i Joany nanao hoe: "Efa hitako ny Fanahy Masina nidina avy any an-danitra toy ny voromailala, ka nitoetra teo amboniny »*

Io voalazan'i Joany Evangelista io no vokatry ny fibebahana marina. Raha misy koa vavaka sy faniriana amin'izao Sinaody izao dia isika tsiraikiraiky afaka hilaza nahita an'i Jesoa satria afaka nihaona tamin'i Jesoa tahaka an'i Joany ilay mpanoratra ny evanjely, nahita an'i Jesoa ary famonjena ho antsika, dia tsy nofinofy fa olona miara-dia amintsika miantso antsika hiala amin'ny ratsy, izany no adidy maha misionera hitarika ny olona hiala amin'ny ratsy dia ity fanapotehana ny zava-boaary ka hiova ho mpiaro manomboka izao. Hitondra ny maro amin'ny fahariana vaovao eo amin'ny fainana andavanandro, izany no ambaran'ny tenin'Andriamanitra androany, mba hihaona tokoa amin'i Jesoa isika ka raha mihaona aminy isika dia hiova tokoa ny fainantsika ka afaka mampiova ny hafa ary izany no voalazan'Izaia mpaminany amin'ny vakiteny voalohany.

Fantatsika ny asan'ny mpaminany, izany koa ny asan'ny misionera, manambara ny sitrak'Andriamanitra ahafahan'ny olona mihaona amin'Andriamanitra ka ho afaka hiova, zary fahazavana sy fanasina ho an'ny manodidina « *fa hatsangako ho fahazavan'ny firenena ianao, mba hitaran'ny famonjeko hatramin'ny faran'ny tany* », adidin'ny misionera izany, tsy hiasa irery izy fa aoka ho fantatsika amin'io hafatry Izaia io fa tsy irery isika fa entanin'ny Fanahy masina. Ny Fanahy Masina no mialoha lèlana antsika manambara amintsika ny fision'Andriamanitra amin'ireo manodidina antsika.

Asongadin'i Md Paoly koa izany ao amin'ny vakiteny faharoa, « *ho aminareo anie ny fahasoavana amam-piadanana avy amin'Andriamanitra Raintsika, sy i Jesoa Kristy Tompo* ».

Io iarahabana apostolika io dia fiarahabana misionera, rehefa mihaona amin'i Jesoa isika dia miova ny fontsika ka ao amintsika ilay fahasoavana sy ny fiadanana ary feno fanantenana isika satria miombona amin'i Kristy zary mitondra an'i Kristy eo amin'ny manodidina antsika ary isika mitondra an'i Kristy no hery sy angovo ary tanjaka hahafahantsika miatrika ireo ady amin'ny ratsy, tsy ady amin'olona sanatria satria tsy anjaran'ny misionera izany. Tsy mpampandrin-tany, tsy mpamoritra ny Misionera fa Mpaminany hanampy ny olona hiova fo, ka rehefa miova ny fo dia afaka mampiova ny fifandraisana amin'ny zava-boaary, eo amin'ny fiaraha-monina, amin'izay hanjaka ny fiadanana araky ny hafatry ny Papa tamintsika tamin'ny fankalazana ny andro manieran-tany ny fiadanana, hanampy antsika ho feno fiadanana, ka ny fiadanana dia mitondra antsika amin'ny fanantenana, ary ny fanantenana manampy antsika hahatsikaritra mandrakariva fa afaka miova isika, afaka mibebaka ka zary miombona amin'i Kristy hitory ny vaovao mahafaly eo amin'ny mpiara-belona.

Ry Jesoa Kristy ô zokinay ô, miditra amin'izao vanim-potoana mandavantaona handalinana ny finoana izao izahay fa indrindra amin'izao Sinaody izao, fotoana sarobidy hiezahana tokoa handraisana anao satria raha mihaona aminao izahay, dia hiova ary rehefa miova izahay dia afaka hanova ny hafa. Koa omeo ny angovo avy aminao izahay, omeo ny fahasoavanoa izahay mba hahay hanambara ny Vaovao mahafaly dia "ianao no mesia" tahaka ny voalazan'i Md Joany izay nilaza marina hoe :« izy no zanak'Andriamanitra ». Izahay koa entanin'ny Fanahy masina ka hihaona aminao ary dia hilaza tahaka an'i Joany hoe : "mahita aho ka nilaza marina fa izy no zanak'Andriamanitra", ho afaka hanambara izany Vaovao mahafaly- izany amin'ireo manodidina izahay noho ny Batemy noraisinay. Ampio ireo mpitoky vaovao mahafaly fa indrindra amin'ny tany sarotra, sy ny eto amin'ny diosezinay hanana ny herim-po araka ny fahasoavanoa, ho tahaka an'i Joany Batista izy ireo hanambara amin'ireo manodidina fa ianao no mpamony.

Ianao tokoa manko no nifidy an'i Joany hampiseho anao amin'ireo mpianatra sy ny manodidina, mifidianà Joany Batista maro eto amin'ity diosezinay ity fa indrindra amin'izao Sinaody izao hahatonga anay ho Fianakaviana Eglizy kely mpiaro ny tontolo iainana. Masina Maria Reny tohano ny ezaka ataonay mba hahatonga anay ho Eglizy olo velomin'ny Batemy miombona, miara-dalana, mandray an-tanana ka zary Tabernakla velona tahaka anao. Md Josefa Ray Mpiaro ny Eglizy Erantany, mivawahà ho anay mba ho zary EOV mpanorina izahay, Mpiaro ny tontolo iainana, vonona hanorina indray ny Tranobe Iombonana efa miharobaka. Amen

Mompera Arseveka Ramaroson Benjamin